


Embassy of the United States
MADAGASCAR

*Fanambarana avy amin’ny Masoivoho Amerikana*

**19 Desambra 2018**

**Fanambaran’ny Mpiandraiki-draharahan’ny Masoivoho Amerikana Stuart Wilson taorian’ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa**

Miarahaba an’i Madagasikara! Taorian’ny vanim-potoanan’ny fifidianana izay nizotra am-pilaminana, dia afaka naneho ny safidinareo ianareo, ka nandray anjara tamin’ny dingana lehibe iray amin’ny demokrasia dia ny fifidianana izay ho filoham-pirenena manaraka izany. Izahay avy amin’ny Masoivoho Amerikana dia nanana mpanara-maso maherin’ny 40 izay nitety an’i Madagasikara nanara-maso ny fifidanana eto amin’ny firenenareo. Nahafinaritra ny nahita ireo vondron’olona ifotony manerana ny firenena Malagasy niara-nientana hamaritra ny ho avin’ny fireneny. Manantena izahay fa ato anatin’ny andro vitsy hahitana soritra kokoa ny vokatr’iny fifidianana nilamina iny, ireo kandida dia hanohy ny antso amin’ireo mpanohana azy avy hanaja ny Lalam-panorenana sy ny safidim-bahoaka. I Etazonia dia manamafy hatrany ny fanohanany ny fanjakana tan-dalana sy ny fahaiza-mitantana ary manantena ny hiara-hiasa amin’ireo Malagasy mpiara-miombon’antoka aminay amin’ireo taona ho avy.

***U.S. Embassy Madagascar***